# Niaraka tamin’ny Mpaminany (S.A.W) aho, ary nandeha teo amin’ny fanariam-pakon’ny olona iray izy ka namany am-pitsanganana,

Tatitra azo avy tamin'i Hozaifa (R.A) : Niaraka tamin’ny Mpaminany (S.A.W) aho, ary nandeha teo amin’ny fanariam-pakon’ny olona iray izy ka namany am-pitsanganana, dia nihataka kely aho, dia hoy izy : “Manatona", Dia nanatona aho mandra-pijoroako teo akaikin’ny tongony, dia nanao ouzou izy ary nisafo teo amin'ny kirarony.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mitantara i Hozayfah bin Al-Yaman (R.A) fa niaraka tamin'ny Mpaminany (S.A.W) izy, ary te hamany izy, ka niditra tao amin'ny toerana iray izy; Io no toerana fanariana fako sy loto eny an-trano, ka namany mitsangana izy, na dia hoe ny mahazatra azy matetika ny mamany mipetraka. Dia nanalavitra azy i Hozayfah, ary hoy izy taminy : Manatona, dia nanatona azy i Hozaifah mandra-pijorony tao aoriana teo an-damosin’ny tongony, mba ho toy ny fanafenana azy tsy hijeren'ny olona amin'io toe-javatra io. Avy eo dia nanao ozo izy, ary rehefa nanasa ny tongony izy, dia nijanona tamin'ny fisafona ny kirarony - izany dia fitafy manify amin'ny tongotra vita amin'ny hoditra sy ny toy izany ary manarona ny kitrokeliny - ary tsy noesoriny.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee